

Teraka ny kintana

Ireo kintana manaraka antsika
Teraka sy mitombo
Eo amin'ny lalantsika vato na landy
Eo anelanelan'ny lanitra sy ny haizina

Miely manerana ny saha izy ireo
Mandoko ny vahoaka araka ny endriny
Milahatra moramora
Mametraka ny lavitondrony araka ny taonany

Miankina amintsika ny lokony
Dia izay zaraintsika aminy
Izay lalana itondrantsika azy
Amin'ny safidintsika rehetra

Na dia kely aza dia mahampy
Mba hampisehoana azy ireo
Fijery iray, hehy iray
Teny iray, Soratra iray
Fihaonana iray izay mahasarika
Ary mitarika ny maha-izy azy

Io voa izay nafafy toana maro izay
Ankehitriny mety ho lasa ala
Io rano mitete hadino nandritra alina ela io
Ankehitriny mety ho lasa ranomasina

Teraka ao aorianstika ny kintana
Ao anaty lavenona sy ny vovoka
Amin'ny fotoana rehetra, manaraka ny safidintsika
Ny maloka,,na ny mazava

Malagasy adaptation from “Des étoiles naissent” : Harisoa RAKOTONDRAATSARA,
marmaillemada@aol.com